

16 MAY 2010.  
3 Sivan 5770.

## Ny fahamendrehan'ny olombelona?

« *Fa hoy ianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka; dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba hanan-karena ianao, ary fitafiana fotsy hotafinao, mba tsy hisehoan'ny henatrao noho ny fitanjahana, ary odi-maso hahosotrao ny masonao mba hahiratanao. Izay rehetra tiako no anariko sy faizako; koa dia mazotoa ianao, ka mibebaha ».* (Apok. 3:17-20)

Afaka mandahan-teny ny olona mety maty, miaro amin-kery ny fahamendrehan'ny zava-boary ary ny tsirairay dia afaka mitolona ho amin'ny fanjakazakàna, kanefa tsy fantany fa tamin'ny fotoana rehetra na arapoto-kevitra na araka ny toetra amam-panahy dia mamadika ny fahamarinan'i Jesosy izy. Ao anatin'ny zavona tsy hifankahitana izy ka mila ny fitiavana sarobidy asehon'ny volamena voadio tamin'ny afo; ny fitafiana fotsy dia ny toetra tsy misy tsiny an'i Kristy. Mila ny odi-mason'ny lanitra koa mba hahatakatra amin-tahotra ny tsy ilàna mihitsy ny fahamendrehan'ny olombelona mba hahazo ny vidin'ny fiainana mandrakizay. Azony hapetraka eo an-tongotry ny Mpamonjy ny zoto-pony eo amin'ny asa amim-pitiavana lalina, ny asa vita ara-tsaina avo lenta sy manan-kaja; ny fahiratan-tsainy ambony; ny fanetretenany lalina; saingy tsy nisy na dia pitipitina fahasoavana aza tsy avy amin'Andriamanitra nomena azy teo amboalohany. Tsy tokony hanome latsaka noho ny andraikitra miandry antsika isika ary tsy afaka hanome mihoatra noho izay voaray teo amboalohany; ary ny rehetra dia tokony hapetraka eo amin'ny afon'ny fahamarinan'i Kristy mba hanadiovana izany ialàn'ny fofon'ny tany, mialoha ny hampiakarana azy eo ambonin'ny rahona embok'i Jehova Lehibe mba hanekena izany ho toy ny fofomanitra...

Noho ny fitiavany antsika dia nanjary nahantra i Kristy ka noho izany fahantrany izany no nampanan-karena antsika. Ary ny asa'ny olona rehetra eo anatrehan'Andriamanitra dia tsinontsinona ihany. Ny fangatahako rehetra dia ekena noho ny fiankinany amin'ny fahamarinan'i Kristy. Ny fiheverana hoe tokony hanao zavatra mba ho mendrika ny fahasoavan'ny famelan-keloka dia fitaka manomboka any amin'ny voalohany hatramin'ny farany . " Tompo ô, tsy mitondra na inona na inona aho, hifikitra fotsiny eo amin'ny hazo fijalianao aho"

Ny zavatra izay tsy azon'ny olona tanterahina. Ny fahafahana mendri-pideràna izay mety ho vitan'ny olombelona dia tsy hitondra voninahitra ho azy. Latsaka tamin'ny fahazarana manindraindra sy midera olombelona hafa ny olona. Tsiravina aho mandre sy mahita io fomba io satria naseho tamiko fa maro amin'ireny olona ireny na ao amin'ny fiainam-pianakaviany na eo amin'ny asa anaty ho an'ny fo dia feno fitiavan-tena . Feno fitaka sy faharatsiana izy ary tsy misy avy amin'ireo zava-bitany no hanandratra azy eo hanatrehan'Andriamanitra, satria ny zavatra rehetra izay hataony dia zava-betaveta eo imasony. Raha tsy nialà tanteraka tamin'ny fahotàna isika ka nahatakatra ny toetra maharikorikon'ny ota dia tsy mbola nandalo fiovam-pò marina. Amin'ny fitiliana lalina izay tsy mbola takatry ny fahendren'ny olombelona, ny anjen'Andriamanitra dia mandinika ireo zava-boary simba ianjadian'ny hery manimba, miaraka amin'ny fanahy sy tànana maloto, eo ampandraisana fanapahan-kevitra ny hoaviny mandrakizay, kanefa maro no tsy manana fahalalàna kely akory ny momba ny fahotàna sy ny fanafodiny.

Mahare zavatra toriana maro be tsy azo antoka isika mifandraika amin' ny fiovampo'ny fanahy. Ampianarina hieritreritra ny olona fa raha miaiky ny fahotàny izy dia ho voavela tahaka ny hoe ny fiaikan-keloka dia manana lanja ahazoana ny famelàna ny fahotàna. Afaka miaiky ny fahotàny aminy manokana ve izy? Toy ny tsy ahafahany mamela azy manokana.-Ranomaso, fanenenana, fanapahan-kevitra, izany rehetra izany dia tsy misy afa-tsy fampiasana ny fietseham-po nomen'Andriamanitra antsika... Aiza ny fahamendrehan'ny olombelona hahazoany ny famonjena na hametrahany eo anatrehan'Andriamanitra izay lafovidy sy feno fahatsaràna? Fanatitra vola, trano na tany ve afaka hanampy eo amin'ny isan'ny zava-mendrika.

Ellen G. White *La Foi qui oeuvre* page 6 - 7

